Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA 16 MEY 2020

Katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany

Lohahevitra anio : Raha tsy miray amiko ianareo - Jaona 15.1-16

Mitarika : Pst Toky Rakoto

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina

Salamo 95.1-7

Avia, aoka isika hihoby ho an'NY TOMPO! Aoka isika hanao feo Fifaliana ho an'ny Vatolampy famonjena antsika! Aoka hankeo anatrehany amin'ny Fiderana isika, aoka hanao feo Fifaliana ho Azy amin'ny salamo isika. Fa Andriamanitra lehibe NY TOMPO; Mpanjaka lehibe ambonin'ny andriamanitra rehetra Izy. Eo an-tanany ny Fitoerana lalina amin'ny tany. Azy ny tendrombohitra avo. Azy ny ranomasina fa Izy no nanao azy ary ny tany maina dia novolavolain'ny tanany. Avia, aoka isika hiondrika sy hiankohoka, aoka isika handohalika eo anatrehan'NY TOMPO, Mpanao antsika; Fa Izy no Andriamanitsika ary olona Fiandriny sy ondry tandremany isika.

Vavaka

Fampidirana

- **Hira** FFPM 194 – Andriananahary ô (1,3)

Vakiteny 1 - Jaona 15.1-3

1 Izaho no tena voaloboka ary ny Raiko no mpamboly. 2 Ny sampany rehetra eo Amiko izay tsy mamoa dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia dioviny mba hamoa bebe kokoa. 3 Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko izay nolazaiko taminareo. 4 Tomoera ao Amiko ary Izaho ao aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy mitoetra amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy mitoetra ao Amiko.

- **Hira** FFPM 242 – Misaotra Anao 'zahay, ry Ray! (1,4)

Vavaka isam-pianakaviana

- Fisaorana sy Fiderana an'Andriamanitra noho ny fahasoavany mbola afaka mandre ny Filazantsaran'ny famonjena sy ny Fiainana ao amin'ny Jesosy Kristy
- Fibebahana eo anatrehan'Andriamanitra fa nitady sitraka taminy tamin'ny alalan'ny

herin'ny tena isika. Ary fandraisana an'i Jesosy ho Mpamonjy sy Tompontsika

Vavaky ny mpitandrina

Vakiteny 2 - Jaona 15.4-8

5 Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay mitoetra ao Amiko ary Izaho ao aminy dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa ianareo dia tsy mahay manao na inona na inona. 6 Raha misy tsy mitoetra ao Amiko dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao amin'ny afo dia ho may. 7 Raha mitoetra ao Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany. 8 Izany no ankalazana ny Raiko mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo.

- **Hira** FFPM 440 – Ry Kristy ô, Mpanjakako! (1,2)

Vavaka isam-pianakaviana

- Fangatahana amin'Andriamanitra ny hanomezany ny fahendrena mba hanao ho laharam-pahamehana ny Fiainam-panahy
- Fangatahana mba hanamboaran'Andriamanitra ny Fiainana isan-tafo eto amin'ny FPMA ka hanalany izay tsy mahavokatra ary hanomezany toerana ny Fitomboana ara-panahy.

Vavaky ny mpitandrina Vakiteny 3 -

Jaona 15. 9-14

9 Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin'ny Fitiavako ianareo. 10 Raha mitandrina ny didiko ianareo dia hitoetra amin'ny Fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny Fitiavany.
11 Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo mba ho ao aminareo ny Fifaliako ka ho feno ny Fifalianareo.12 Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo. 13 Tsy misy manana Fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. 14 Ianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo.

- **Hira** FFPM 534 – Misy didy tena tsara (1,4)

Vavaka isam-pianakaviana

- Fifonana noho ny Fitiavantena
- Fangatahana ny Fitiavan'i Jesosy ho an'ny isam-pianakaviana sy isan-tafo

Vavaky ny mpitandrina Vakiteny 4 -

Jaona 15. 15-16

15 Tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo, fa ny mpanompo dia tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa nataoko hoe sakaiza ianareo satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo. 16 Tsy ianareo no niFidy Ahy fa Izaho no niFidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona.

- **Hira** FFPM 306 – Mamafaza voa, ka aza mba malaina (1,4)

Vavaka isam-pianakaviana

- Mba hiainan'ny FPMA ny Fiombonana manao asa misiona ka hanomezana lanja ny asa any ivelany
- Ho an'ny asa Fitoriana ny Filazantsara

Vavaky ny mpitandrina + Vavaka nampianarin'ny Tompo

Hafatra (Rom 14. 16-18)

- **Hira** Fihirana Fifohazana 183 - Mitsimoka ao an- tanimbolinao (1,2,3)

1. Mitsimoka ao an-tanimbolinao ry Ray,
Ireto zana-kazo mbola kely;
Karaha sendra tanin-kandro Mahamay, Na
rivo-doza be izay mamely,
Alofy sy tantano mafy izahay; Ny
herinay tsy ampy velively,
Fa lanao, ry Ray, No hany Herinay (x2)

2. Ry Jeso, Loharano feno soa,
Mangalahala sady fototr'aina;
Mahafa-ketaheta izao tontolo izao,
Ary efa ampy izay rehetra ilaina Ny
taninay, ry Jeso, Mba onenonao, Fa
raha ilaozanao dia karakaina
Tomoera Tompo ô, Monena re izao (x2)

3. Ny asanao mangina ry Fanahy
Na dia tsy hita aza, afafazo;
Ny fakany omeo tsiro avy Aminao
Ny taho ny tondraho tsy halazo; Ry
hery lehibe mba miasà izao Mba
hampidokadoka ireto hazo
Ny asa izay atao Ho voninahitrao (x2)

Tsodrano (Nomery 6. 24-27)